



## MINISTERE DE L'AGRICULTURE ET DE L'ELEVAGE

### ARRETE N°18.944 / 2018

**Portant ouverture et modalités de recrutement des apprenants de la première année dans les Centres d'Appui et de Formation Professionnelle Agricole (CAFPA), session 2018.**

#### LE MINISTRE DE L'AGRICULTURE ET DE L'ELEVAGE,

- Vu la Constitution ;
- Vu la loi n°98-031 du 20 janvier 1998 portant définition des Etablissements Publics et des règles concernant la création de catégories des Etablissements Publics ;
- Vu la loi n°2008-011 du 17 juillet 2008 modifiant certaines dispositions de la loi n°2004-004 du 26 juillet 2004 portant orientation générale de système d'éducation, d'enseignement et de formation à Madagascar ;
- Vu la loi n°2015-040 du 12 février 2016 portant orientation de la Politique Nationale de l'Emploi, de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle (PNEFP) ;
- Vu le décret n°99-335 du 05 mai 1999 définissant les statut-types des Etablissements publics nationaux ;
- Vu le décret n°2011-428 du 02 août 2011 portant structure générale de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle et Organisation des divers types de formation ;
- Vu le décret n°2017-764 du 13 Septembre 2017 modifiant et complétant certaines disposition du décret n°2015-1333 du 28 septembre 2015 portant création des «Centres d'Appui et de Formation Professionnelle Agricole» (CAFPA) au sein du Ministère de l'Agriculture ;
- Vu le décret n°2018-529 du 04 juin 2018 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement ;
- Vu le décret n°2018-540 du 11 juin 2018 portant nomination des membres du Gouvernement ;
- Vu le décret n°2018-544 du 14 juin 2018 fixant les attributions du Ministre de l'Agriculture et de l'Elevage ainsi que l'organisation générale de son Ministère ;

#### ARRETE :

**Article premier** : Il est ouvert au titre de l'année scolaire 2018-2019, le recrutement des apprenants pour la formation professionnelle initiale aux métiers « Exploitant Agricole » (EA) et « Exploitant- Entrepreneur Agricole » (EEA) dans les Centres d'Appui et de Formation Professionnelle Agricole (CAFPA), sous la tutelle du Ministère de l'Agriculture et de l'Elevage. Le présent arrêté fixe les modalités d'organisation de ce recrutement.

**Art.2** : Le nombre total de places est fixé à CENT QUARANTE (140) apprenants, soit VINGT (20) apprenants par CAFPA.

**Art.3** : La durée de la formation est de trois (03) ans, organisée en deux (02) niveaux :

- **Niveau 1** : d'une durée de deux (2) ans sanctionnée par le Certificat Professionnel en Exploitation Agricole (CPEA), visant le métier « Exploitant Agricole » ; et

- **Niveau 2** : d'une durée de trois (3) ans (CPEA + 1 an) sanctionnée par le Brevet d' Etudes Professionnel en Exploitation et Entreprenariat Agricole (BEP- EEA), visant le métier « Exploitant-Entrepreneur Agricole ».

**Art.4:** Le régime de la formation est l'internat.

**Art.5:** Le recrutement est ouvert aux jeunes des deux sexes, du niveau de la classe de troisième de l'enseignement secondaire, âgés de 18 ans au minimum au 1<sup>er</sup> janvier 2018 et de 23 ans au maximum au 31 décembre 2018, aptes physiquement et ayant passé la classe de troisième (T9) entre les années scolaires 2015 à 2018.

**Art.6:** Le recrutement des apprenants se fait en trois (3) étapes :

1. Analyse des dossiers de candidature ;
2. Test écrit pour les candidats admissibles, suivi d'un entretien individuel. Le test écrit porte sur les épreuves de :
  - calcul (durée : 1 heure)
  - connaissances générales (durée : 1 heure)
3. Test pratique.

**Art.7:** Le dossier de candidature doit comporter les pièces suivantes :

- une (01) demande manuscrite adressée au Directeur du CAFPA demandé, suivant modèle en annexe (version française et version malagasy, au choix du candidat) et mentionnant obligatoirement le numéro de téléphone ;
- un (01) certificat de scolarité de la classe de 3<sup>ème</sup> ;
- un (01) certificat de résidence de moins de trois (3) mois;
- une (01) photocopie certifiée de la CIN ou une copie intégrale de l'acte de naissance délivré moins d'un (1) an ;
- une (01) lettre de motivation rédigée en langue malagasy ; et
- deux (02) enveloppes timbrées à 500 Ariary portant l'adresse exacte du candidat.

**Art.8 :** Les dossiers de candidature doivent être déposés ou parvenus auprès des Directions Régionales de l'Agriculture et de l'Elevage (DRAE) à partir du 06 août 2018 au 31 août 2018 à 16 heures 30 min et à charge aux DRAE de les transmettre aux CAFPA suivant l'organisation mentionnée à l'article 9 ci-dessous.

Tout dossier incomplet ou parvenu après le 31 août 2018 n'est pas pris en considération.

**Art.9** : Le CAFPA d'accueil pour chaque région de provenance des candidats sont les suivants :

<b>CAFPA D'ACCUEIL ET ADRESSE</b>	<b>REGION DE PROVENANCE DES APPRENANTS</b>
<p style="text-align: center;"><b>CAFPA MAHITSY</b></p> <p><u>Adresse</u> : Monsieur le Directeur du CAFPA MAHITSY, Andranovaky, Commune Rurale de Mananjara -District Ambohidratrimo - Région Analamanga.</p>	<p style="text-align: center;">ANALAMANGA ITASY BONGOLAVA</p>
<p style="text-align: center;"><b>CAFPA ANTSIRABE</b></p> <p><u>Adresse</u> : Madame le Directeur du CAFPA ANTSIRABE, Ambaniandrefana - Lot 17 M 056 – Ivory- BP 172 – Antsirabe I (CP 110) – Région Vakinankaratra</p>	<p style="text-align: center;">VAKINANKARATRA AMORON'I MANIA</p>
<p style="text-align: center;"><b>CAFPA BRICKAVILLE</b></p> <p><u>Adresse</u> : Monsieur le Directeur du CAFPA BRICKAVILLE Ambodiara - Brickaville (CP 508) – Région Atsinanana</p>	<p style="text-align: center;">ATSINANANA ANALANJIROFO ATSIMO ATSIANANA VATOVAVY FITOVINANY ANOSY (FORT-DAUPHIN)</p>
<p style="text-align: center;"><b>CAFPA AMBATONDRAZAKA</b></p> <p><u>Adresse</u> : Monsieur le Directeur du CAFPA AMBATONDRAZAKA, Ambohitsilaozana - BP 28- Ambatondrazaka (CP 503) – Région Alaotra Mangoro.</p>	<p style="text-align: center;">ALAO TRA MANGORO BETSIBOKA BOENY</p>
<p style="text-align: center;"><b>CAFPA MAINTIRANO</b></p> <p><u>Adresse</u> : Monsieur le Directeur du CAFPA ANDRARANGY MAINTIRANO, Mangotroky- Maintirano- Région de Melaky.</p>	<p style="text-align: center;">MELAKY MENABE</p>
<p style="text-align: center;"><b>CAFPA IBOAKA FIANARANTSOA</b></p> <p><u>Adresse</u> : Monsieur le Directeur du CAFPA IBOAKA, Commune Rurale d'Alakamisy Ambohimaha, District de Lalangina – Région de la Haute Matsiatra.</p>	<p style="text-align: center;">HAUTE MATSIATRA IHOROMBE ANDROY ANOSY (BETROKA, AMBOASARY) ATSIMO ANDREFANA</p>
<p style="text-align: center;"><b>CAFPA ANTSIRANANA</b></p> <p><u>Adresse</u> : Madame le Directeur du CAFPA ANTSIRANANA, Commune Rurale d'Antanamitarana, District d'Antsiranana II- Région de Diana.</p>	<p style="text-align: center;">DIANA SAVA SOFIA</p>

**Art.10** : La liste des candidats définitivement admis est arrêtée par le Ministre de l'Agriculture et de l'Elevage et est publiée par voie d'affichage.

**Art.11** : Le présent arrêté sera enregistré et publié au Journal Officiel de la République.

Fait à Antananarivo, le 03 août 2018

**ANNEXE**  
**MODELE DE DEMANDE D'INSCRIPTION**  
**AU RECRUTEMENT DES APPRENANTS EN PREMIERE ANNEE DANS LES CENTRES**  
**D'APPUI ET DE FORMATION PROFESSIONNELLE**  
**AGRICOLE (CAFPA), session 2018**

Formation professionnelle initiale aux métiers « Exploitant Agricole » (EA) et « Exploitant-  
Entrepreneur Agricole » (EEA)

Madame/ Monsieur Le Directeur du Centre d'Appui et de Formation Professionnelle Agricole,  
de .....

Je

soussigné(e) :.....  
m'inscris au recrutement des apprenants en première année dans le **Centre d'Appui et de  
Formation Professionnelle Agricole (CAFPA)** de .....

Je vous prie de trouver ci- après les renseignements me concernant :

Nom : .....

Prénoms : .....

Né(e) le ..... à :.....

Nationalité .....Sexe :.....

Adresse :.....

Téléphone n°..... (Pour contact rapide, à remplir obligatoirement).

CIN :..... Délivrée le ..... à .....

Duplicata du .....à.....

Année de passage en classe de troisième (T9) :.....Centre/Ecole :.....

Profession des parents :.....

Veillez agréer, Madame/Monsieur le Directeur, l'assurance de mes sentiments respectueux.

A ....., le .....

Signature

**NB :**

- Modèle à retirer auprès des CAFPA, des DRAE ou de la Direction de la Formation Agricole et Rurale (DFAR) ou à télécharger sur site web du MINAE.
- Pour toutes informations, veuillez contacter la DRAE de proximité.



## MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA

### DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA- 18.944 / 2018

**Anokafana sy andaminana ny fandraisana ireo mpianatra eo anivon'ny Ivotoeram-panohanana sy Fampiofanana Arak'asa momba ny Fambolena (CAFPA), Taona 2018.**

### NY MINISITRY NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA,

- Araka ny Lalàmpanorenana;
- Araka ny lalàna laharana faha-98-031 tamin'ny 20 janoary 1998 anaovana ny famaritana ny antokon-draharaham-panjakana sy ny fitsipika mikasika ny fananganana sokajin'antokon-draharaham-panjakana ;
- Araka ny lalàna laharana faha-2008-011 tamin'ny 17 jolay 2008 anovàna ny fepetra sasantsasany ao amin'ny lalàna laharana faha-2004-004 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny fitarihana ankapobe ny rafim-panabeazana, ny fampianarana sy ny fampiofanana eto Madagasikara;
- Araka ny lalàna laharana faha-2015-040 tamin'ny 12 febroary 2016 momba ny fitarihana ny Politikam-pirenena mombany Asa, ny Fampianarana Tekinika sy ny Fampiofanana Arak'asa (PNEFP) ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-99-335 tamin'ny 05 mey 1999 mamaritra ny sata lasitry ny Antokon-draharaham-panjakana eto amin'ny firenena ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2011-428 tamin'ny 02 aogositra 2011 mikasika ny rafitra ankapobe ny Fampianarana Tekinika sy ny Fampiofanana Arak'Asa ary ny Fandaminana ireo sokajim-pampiofanana ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2017-764 tamin'ny 13 septambra 2017 anovàna sy amenoina ny fepetra sasantsasany ao amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-1333 tamin'ny 28 septambra ananganana ny « Centres d'Appui et de Formation Professionnelle Agricole » (CAFPA) eo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2018-529 tamin'ny 04 jona 2018 2016 anendrena ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2018-540 tamin'ny 11 jona 2018 anendrena ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2018-544 tamin'ny 14 jona 2018 anondroana ny anjara raharahan'ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana, ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany ;

### DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA MANARAKA IZAO:

**Andininy voalohany:** Misokatra, ho an'ny taom-pianarana 2018-2019, ny fandraisana ireo mpianatra amin'ny fampiofanana arak'asa fototra momba ny asa « Mpamokatra eny ambanivohitra » (EA) sy « Mpamokatra eny ambanivohitra sady Mpandraharaha ara-pamokarana » (EEA) eo amin'ireo Ivotoeram-panohanana sy Fampiofanana Arak'asa momba ny Fambolena (CAFPA), eo ambany fiahian'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana. Ity didim-pitondrana manaraka ity dia mamaritra ireo fombafomba momba ny fandaminana izany fandraisana mpianatra izany.

**And.2:** Ny isa totalin'ny toerana dia voafetra ho EFAPOLO AMBY ZATO (140) mpianatra, izany hoe ROAPOLO (20) mpianatra isaky ny CAFPA.

**And.3:** Ny fampiofanana dia maharitra telo (03) taona, voalamina anaty dingana roa (02):

- **Dingana 1 :** maharitra roa (02) taona, andraisana ny « Certificat Professionnel en Exploitation Agricole » (CPEA), ho an'ny asa « Mpamokatra eny ambanivohitra » ; sy
- **Dingana 2 :** maharitra telo (03) taona (CPEA + 1 an) andraisana ny « Brevet d' Etudes Professionnel en Exploitation et Entreprenariat Agricole » (BEP- EEA), ho an'ny asa « Mpamokatra eny ambanivohitra sady Mpandraharaha ara-pamokarana».

**And.4:** Ny fizotran'ny fampiofanana dia fehezin'ny kilasimandry.

**And.5:** Ny fandraisana ireo mpianatra dia misokatra ho an'ny tanora lahy sy vavy, nandalo ny kilasy faha-03 tao amin'ny fampianarana ambaratonga faharoa, feno 18 taona farafahakeliny tamin'ny 01 janoary 2018 sy 23 taona farafabetsany amin'ny 31 desambra 2018, salama arabatana sy afaka tamin'ny kilasy faha-09 (T9) teo amin'ny taom-pianarana 2015 hatramin'ny 2018.

**And.6:** Ny fandraisana ireo mpianatra dia mizotra araka ireo dingana telo (03) ireto :

1. Fandinihina ny antontan-taratasin'ny kandidà ;
2. Fitsapana an-tsoratra ho an'ireo kandidà azo raisina, arahin'ny fanadihadiana manokana. Io fitsapana an-tsoratra io dia mahakasika ny :
  - kajy (maharitra : ora iray)
  - fahalalana ankapobe (maharitra : ora iray)
3. Fitsapana fampiharana.

**And.7:** Ny antontan-taratasin'ny kandidà dia tsy maintsy ahitana ireto:

- Fangatahana an-tsoratra iray (01), ho an'ny Talen'ny CAFPA angatahina, araka ny modely ao amin'ny tovan'ity didim-pitondrana manaraka ity(amin'ny teny frantsay na teny gasy, arak any safindin'ny candida), izay tsy maintsy ahitana ny laharan-tarobihin'ilay kandidà ;
- Fanamarinana ny nahavitana ny kilasy faha-telo iray (01) ;
- Fanamarinam-ponenana latsaky ny telo (03) volana iray (01);
- Kopian'ny karapanondro voamarina iray (01) nadika feno ny kopia naterahana latsaka ny herintaona iray (01) ;
- Taratasy milaza ny antony amin'ny teny gasy iray (01) ; sy
- Valopy misy hajia roa (02) amin'ny 500 Ariary misy ny adiresy mazava ny kandidà.

**And.8:** Ireo antontan-taratasin'ny mpiadina dia tsy maintsy apetraka na alefa eo anivon'ny Foibe-paritry ny Fambolena sy ny Fiompiana (DRAE) manomboka amin'ny 06 aogositra 2018 hatramin'ny 31 aogositra 2018 amin'ny 16 ora 30 min ka iantohan'ny DRAE ny fandefasana ireo

antontan-taratasy ireo any amin'ny CAFPA araka ny fandaminana voalaza ao amin'ny andininy faha-9 eo ambany.

Ny antontan-taratasy tsy feno na tonga aorian'ny 31 aogositra 2018 dia tsy ho raisina.

**And.9:** Ny fizarana ny mpianatra ao amin'ny CAFPA tsirairay dia toy izao manaraka izao:

<b>CAFPA MPANDRAY SY ADIRESY</b>	<b>FARITRA NIAVIN'NY MPIANATRA</b>
<p>CAFPA MAHITSY  <u>Adiresy</u> : Andriamatoa Talen'ny CAFPA MAHITSY,                      Kaominina Ambanivohitry Mananjara – Distrika                      Ambohidratrimo - Faritra Analamanga.</p>	<p>ANALAMANGA                      ITASY                      BONGOLAVA</p>
<p>CAFPA ANTSIRABE  <u>Adiresy</u>: Ramatoa Talen'ny CAFPA ANTSIRABE,                      Ambaniandrefana - Lot 17 M 056 – Ivory- BP 172 –                      Antsirabe I (CP 110) – Faritra Vakinankaratra</p>	<p>VAKINANKARATRA                      AMORON'I MANIA</p>
<p>CAFPA BRICKAVILLE  <u>Adiresy</u>: Andriamatoa Talen'ny CAFPA BRICKAVILLE                      Ambodiara - Brickaville (CP 508) – Faritra Atsinanana</p>	<p>ATSINANANA                      ANALANJIROFO                      ATSIMO ATSIANANANA                      VATOVAVY FITOVINANY                      ANOSY (FORT- DAUPHIN)</p>
<p>CAFPA AMBATONDRAZAKA  <u>Adiresy</u> : Andriamatoa Talen'ny CAFPA                      AMBATONDRAZAKA, Ambohitsilaozana - BP 28-                      Ambatondrazaka (CP 503) – Faritra Alaotra Mangoro.</p>	<p>ALAOTRA MANGORO                      BETSIBOKA                      BOENY</p>
<p>CAFPA MAINTIRANO  <u>Adiresy</u>: Andriamatoa Talen'ny CAFPA ANDRARANGY                      MAINTIRANO, Mangotroky – Maintirano- Faritra Melaky.</p>	<p>MELAKY                      MENABE</p>
<p>CAFPA IBOAKA FIANARANTSOA  <u>Adiresy</u>: Andriamatoa Talen'ny CAFPA IBOAKA,                      Commune Rurale d'Alakamisy Ambohimaha, Distrikan'ny                      Lalangina-Faritra Matsiatra Ambony.</p>	<p>HAUTE MATSIATRA                      IHOROMBE                      ANDROY                      ANOSY (BETROKA, AMBOASARY)                      ATSIMO ANDREFANA</p>
<p>CAFPA ANTSIRANANA  <u>Adiresy</u>: Ramatoa Talen'ny CAFPA ANTSIRANANA,                      Commune Rurale d'Antanamitarana,                      Distrikan'Antsiranana II– Faritra Diana.</p>	<p>DIANA                      SAVA                      SOFIA</p>

**And.10** : Ny lisitry ny mpiadina voaray tanteraka dia faranan'ny Minisitry ny Repoblika misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana, ary ho avoaka amin'ny alalan'ny peta-drindrana.

**And.11:** Ity didim-pitondrana manaraka ity izay dia ho raiketina sy avoaka ao amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Natao teto Antananarivo, ny 03 aogositra 2018

**TOVANA**

**MODELIN'NY FANGATAHANA FISORATANA ANARANA AMIN'NY FANDRAISANA IREO  
MPIOFANA AO AMIN'NY TAONA VOALOHANY AO AMIN'NY IVOTOERAM-PANOHANANA  
SY FAMPIOFANANA ARAK'ASA MOMBA NY FAMBOLENA, TAONA 2018**

Fampiofanana arak'asa fototra ho an'ny asa « Mpamokatra eny ambanivohitra » (EA) sy  
« Mpamokatra eny ambanivohitra sady Mpandraharaha ara-pamokarana » (EEA)

Ho an'i Ramatoa/ Andriamatoa Talen'ny Ivotoeram-panohanana sy fampiofanana arak'asa  
momba ny Fambolena,

ao .....

Izaho manao Sonia eo ambany.....

dia misoratra anarana amin'ny fandraisana ireo mpiofana ao amin'ny taona voalohany ao

amin'ny Ivotoeram-panohanana sy fampiofanana ara-pambolena (CAFPA) ao.....

Ireto manaraka ireto ny mombamomba ahy :

Anarana : .....

Fanampiny : .....

Teraka ny ..... tao : .....

Zom-pirenena : ..... Lahy sa Vavy : .....

Adiresy : .....

Laharana finday.....**(Tsy maintsy fenoina)**

Laharanan'ny kara-panondro : ..... natao tamin'ny ..... tao.....

Duplicata tamin'ny ..... tao.....

Taona nandalovana tao amin'ny Kilasy faha-9 (T9) : ..... Sekoly : .....

Asan'ny Ray aman-dreny.....

Raiso Tompoko, Ramatoa/Andriamatoa Tale, ny haja ambony atolotro ho anao.

A ....., ny .....

Sonia

**NB :**

- Modely raisina eo anivon'ny CAFPA, ny DRAE na ao amin'ny Foibem-pitondrana misahana ny Fampiofanana Ara-pambolena sy ny Tontolo Ambanivohitra (DFAR) na ao amin'ny pejy elekitronikan'ny MINAE.
- Raha mila fanazavana fanampiny, manantona ao amin'ny DRAE akaiky anao.